SANGAN'ASA "ILAY TANANA VAOVAO"

# Aseho an-tsary manomboka anio etsy amin'ny Hakanto Contemporary

Fampirantina an-tsary ny sangan'asan'ireo mpanakanto teratany Malagasy vaovao miisa 4 mianadahy no ampahafantarina amin'ny fomba ofisialy etsy amin'ny efitranon'ny zavakanto "Hakanto Contemporary" Ankadimbahoaka. Seho an-tsary antsoina hoe "Nouvelle Main" mampiseho an'ireo zavatra rehetra niainan'ny vahoaka Malagasy hatrizay ao anatin'izany. Ohatra ny fivoarana ara-politika,ny fifampitondrana eo anivon'ny fiarahamonina,ny fivoarana ara-tsosialy,ny fomba fitaizana ny fianakaviana sy ny sisa.Trangan-javatra maneho ny zava misy niainan'ny fiarahamonina narakitra an-tsary mba ho lasa kanto novolavolain'ireto mpanakanto manaraka ireto : Rose Kely Ranarivelo, Andry Rasoloharivony, Fitiavana Ratovo, Sanka. Ny hetsika ara-kolotsaina tahaka itony dia mampiseho fa afaka miroso amin'ny sehatra matihanina ireo mpanakanto sangany eto Madagasikara ary mandrisika ny tanora mba hiroso bebe kokoa amin'ny fanandratana ny Kolotsaina Malagasy. Misokatra ho an'ny olom-pirenena rehetra no sady azo tsidihina etsy amin'ny efitranon'ny Hakanto Contemporary Alhambra Ankadimbahoaka ny sangan'asan'ireto mpanakanto vaovao ireto.




*Ireo mpandray amin'ny hetsika.*

***Franck Razakambelo***

## TONONKALO

### Ny afomangan`ny Filoha

Afomanga ? izany ve ilay "ketrika" ho fanomezana?
Tena zavatra voadinika ? etsy kely ihomehezana !
Izany no hanodinan-tsaina sy hanambazana fiangonana,
Noho ny hetsi-panoherana sy karazam-pitokonana ?

Afomanga ? izany ve no vahaolana mandaitra,
Manoloana ny olam-piainana tena mafy sy mafaitra?
Moa hitondra hamamiana ka hanala ngidim-bava,
Sa vao mainka hampiaka-pofona ireo izay mandry fotsy lava?

Afomanga ? izany ve no tena mendrika hojerena?
Dia ahoana , moa tsy hasiana ilay fisaonam-pirenena,
Manoloana ireo vahoaka novonoina tamim-basy,
Sa dia efa niova be ny kolontsaina Malagasy ?

Afomanga ? mandiniha re ry mpitondra tia mampiesona,
Fa matoa nijoboka io dia tokony ho fakana lesona.
Aza dia ny rendrarendra no hany atao ho lohalaharana,
Fa raha `zay no mbola hitohy dia ny krizy tsy hifarana !

***TSIMIMALO (01-09-22)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

**Helisoa, R. Na, Njaka**

**Ireo mpianatry ny oniversite ao anatin'ny Grand Sud Est Fianarantsoa nanameloka ny famonoana olona tany Ikongo.**








